## Ny Valosoa sy hadihady

# Fihaonan-dRavalo sy Rajao : mahina amin'ny ratsy nataony sy ataony Rajoelina sy ny forongony

Misy mbola mahita volana alohan'i Habib eto amin'ity firenena ity. Haino aman-jery sy fitaovan-tserasera mpanasohaso ny fitondrana ny ankamaroany, izay tsy miahotra ny mamafy lainga sy habobo rehetra izao. Raha nihaona tany Frantsa Ravalomanana sy Rajaonarimampianina, dia zavatra hafa mihitsy no nambaran'izy ireo toy ny mitondra tenin'ny fitondrana. Fantatra izao fa tsy nisy nipika ny dinika, mazava loatra fa samy olom-panjakana no nihaona, filoha izay samy efa nofidiam-bahoaka, ka tsy atao ho mahagaga raha tsy fantatra ny noresahan'izy ireo.
Mahina ve no hafa mihitsy no adikan'izy ireo izany fihaonana izany? Kobokobonin'ny marina koa ve? Ny marina, tany Frantsa Rajoelina no nikononkonona ny fanonganam-panjakana teto amin'ny firenena tamin'ny taona 2008-2009. Voarakitra any anaty sarin'ireo tambazotra samihafa ny momba izany ary voarakitra an-tsary mazava ihany koa ireo olona niara-nikotrika taminy izany fanonganam-panjakana izany. Efa nilaza sy niaiky izany rahateo ny Amiraly Didier Ratsiraka, fa niaraka izy ireo nikotrika izany tany Frantsa. Noezahin'ireo haino aman-jeriny sy tambazotran-dRajoelina novoizina ery tamin'ny fotoan'androny ny fidehaka sy ny fivatravatran'i Andry Rajoelina isaky ny avy any Frantsa toy ny nahazo hery hanongana sy handrombaka fahefana. Tantara nisy izany ary mipetraka ho tantara tsy hisy faka hamilivily, mba ho fantatry ny taranaka fara aman-dimby. Ho an'ireo olona mpanohana sy mpanasohaso ny fitondrana ireto izany rehefa hoe Frantsa dia fanongānam-panjakana izay rehefa misy olom-panjakana roa mihaona? Satria izay ireo no nanao izany, dia heveriny hanao toy izany koa ny hafa. Hadisoan-kevitra lehibe izany anefa satria tsy mitovy aminy ny rehetra. Niaraha-nahita tsara ihany koa ny zava-nisy tamin'ny resa-pifidianana teto amin'ny firenena in'efatra miantoana izay. Nisy hosoka sy hala-bato mbamin'ny fandikan-dalàna amin'ny endriny isan-karazany nataon' ny tompon'andraikitra samihafa. Hitam-poko hitam-pirenena araka ny fitenenana izany. Ny mpanao ratsy ihany no mahina, ary ny vahoaka no tadiavina hofitahina indray toy ny nataony hatramin'izay ihany. Ny famitahana ny vahoaka toy izany anefa, dia tena fanapotehana ny firenena mihitsy, no sady tsy hahasoa ny vahoaka izany.

**Sôh'son**

### Voka-pifidianana navoakan'ny CENI

# Tsy mifanaraka amin'ny zavamisy marina




Dia navoakan'ny CENI amboletra tokoa ny voka-pifidianana tsy manjary izay efa nolazaina teto amin'ny gazety ny sabotsy teo. Voka-pifidianana tsy ofisialy omaly, no navoakany teny amin'ny foiben-toerany teny Alarobia. Hita mihintsy fa izay metimety amin'ny CENI no amoahany vokatra, na dia mbola manana andro vitsivitsy aza izy ireo, nahafahana nandinika tsara ny tsy fetezan-javatra nisy, indrindra teo amin'ny lafiny lisi-pifidianana. Tamin'ny fifidianana filohampirenena dia ny tany amin'ny faritra alavitra indrindra no navoakan'ny CENI voalohany, na Antananarivo Renivohitra aza no akaiky azy dia efa andro maromaro izany vao tafavoakany, satria tao raha. Tamin'ity fifidianana ben'ny ben'ny tanàna ity dia tao anatin'ny fotoana fohy kosa indray dia feno ny vokatra teto Antananarivo Renivohitra. nena misahana sy mikirakira ny fifidianana ity, izay tsy mifanaraka amin'ny tena zava-misy, raha tsy hiteny afa-tsy ny voka-pifidianana ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina teto Antananarivo Renivohitra.
Ahoana no hieritreretana fa samihafa ny lisitra nampiasaina tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina, ary raha ny vokatra, mifanahantsahana ny vokatra tamin'ny fifidianana mpanolotsaiana, nefa mifanalavitra izany tamin'ny vokatra tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna. Ankoatra izany, ny olompirenena kosa dia mametraka ny fitokisany tanteraka amin' ny Tribonaly misahana ny fifidianana dia ny Tribonaly misahana ny ady amin'ny fanjakana amin' ny vokatra marina, sy ny vokatra ofisialy havokan 'izy ireo amin'ny tapaky ny volana janoary 2020 ho avy izao.

**Helisoa**

### Dinika Nosy Malagasy

# Mila mailo amin'ny fitondrana frantsay ny vahoaka Malagasy

Nanomboka omaly ary hifarana rahampitso alarobia ny ambara ho fihaonana anaovana angonkevitra momba ireo Nosy Malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay fotsiny izao. Harem-pirenena ireo ary lova navelan'ny razana ho an'ny taranaka ankehitriny, ary mbola ho lovan'ny taranaka any aoriana ihany koa. Misy efatra farafahakeliny ireo Nosy ireo: Nosy Sambatra no îles Glorieuses teo aloha, Nosy Ampela no Europa, Nosy Kely no Juan de Nova ary Nosy Bedimaky no anarana malagasy iantsoana ny Bassas da India manomboka izao. Ezahina ny ampahafantatra izany amin'ireo amin'ireo zanaka ay aoriana mba tsy hamelamela fahatany ny harena navelan'ireo razambe fahiny. Fa iza no sahy hilaza fa tsy hitany ireo Nosy ireo fony izy nifindra monina taty amin'ity Nosy ity izay notarihin'Andriamanitra mpahary izao tontolo izao sy nitari-dalana azy hankaty.
Inona no hivoaka ao amin'ny dinika eny Ivato rahampitso? Ny andrasan'ny vahoaka dia fehinkevitra na hevitra afaka mandroaka avy hatrany ny fitondrana frantsay hiala ao amin'ireo Nosy Malagasy ireo. Mazava loatra fa tsy hanome ireo Nosy ireo velively mora amin'izao ny fitondrana frantsay satria ireo no hany ahafahany mivelona. Toy ny "nofon-kena an-tanan-tsaka ireo ho



azy. Isika ve no ataon hamelona ny firenena frantsay ka ahafahany mirehareha ho toy ny firenena matanjaka toy izao? Tsy natao ho amin'izany ny ho avy nametrahan'Andriamanitra an'i Madagasikara. Nofidin'Andriamanitra ity Nosy ity ary manana ny nandaharan'Ilay mpamorona izao tontolo izao azy. Tsy ny fitondrana frantsay velively no higoka ny harena eto fa ny vahoaka Malagasy.
Aoka tsy ho voafitaka ny vahoaka na voarirarira amin'ny teny tsara lahatra amin'izay sanatriavina hoe "fiaraha-mitantana". Ny andrasana amin'ny angon-kevitra dia hoe rehefa tsy manaiky hanome madio ireo Nosy ireo ny fitondrana frantsay dia efa tokony voadinika ao ny dingana manaraka mahery vaika kokoa ho raisin'ny vahoaka Malagasy.

**Radafy**

## NY TENY FIAINANA

**Hebreo 13:7**

*Tsarovy ny mpitondra anareo, izay efa nitory ny tenin'Andriamanitra taminareo; hevero ny niafaran'ny fiainany, ka araho ny finoany.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Halabato : tafapetraka eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ny fitorian'ny TIM



**Arp Helisoa :** tafapetraka soamatsara teny amin'ny tribonaly misahana ny ady amin'ny fanjakana ny fitoriana napetraky ny kandida Rina N°2 sy ny TIM, mahakasika ny halabato tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina teo.

**Babalahy Asamy :** ny ahy hitako fa ts fitoriana intsony ny vaha olana fa tolona!

**Herilanja Ralaiharinaivo :** AMEN. !

**Tsirinandrianina Tsiry :** MINOA AHO FA NANGATAKA ORDONNANCE AHAZOANA MANAO ILAY CONFRONTATION NO TENA NATAO.

**Juliette Ranaivoarisoa :** alefa Rina ! matoky io Tribonaly io isika, fa tsy hitovy amin'ny HCC izy ireo. Isika mpandresy, isika tsy resy, ampy izay fandeferana nandritra ny fifidianana roa lasa izay.

**Fenohanitra Tianasoa :** entinay am-bavaka e! ho resy amin'izay ny mpangala-bato, dia ho afa-baraka ny CENI!

**Fafah Razafindratsima :** asa re fa d entina ambavaka.

**Vololona Veromihaja Gravel :** enga anie ka mba tsy ho voavidy koa io Fitsarana io, satria mandresy Rina, fa n Toresen'ny CENI.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** enga anie ka mba ho aminareo ny fahamarinana. Amen!

**Niaina Fetra :** mivavak ho anareo zahay mb haita n fahamarinana! Na izany aza, mila harovana koa ireo mpitsara ireo amin'ny mety faneriterena hataon'ny ekipan-dRajoelina sy ny forongony.

**Tahina Nearin'ya :** mivavaka mafy isika rehetra mba hitsara am mizana marina tokoa ireo, hitsara ary handeha amin'ny fahamarinana tsotra izao fotsiny.

**Gila Maso :** mpitsara Olonkendry no ao, fa indrindratsy ho voavidy vola. matahotra an'andriamanitra ireo mpitsara t.a sy c.e ireo. hiaro ny voninahitrin'ny fitsarana eto madagasikara ireo. ary anarina ny laza ratsin'ny fitsarana eo @ resaka kolikoly mampalaza ny fitsarana malagasy.

## TONONKALO

# Ny fifidianana nisesy teto Madagasikara

Efa masaka ny tetika fony tany am-panomanana,
Fa kendrena ny hampandresy ny maloto sy tsy marina.
`Ndreo nampiasa ny talentany ny komitim-pifidianana,
Efa fantatra mialoha hoe iza moa ireo tiany hakarina.

Lisitra efa nofaranana, tsy azo ampiana sy analàna,
Dia nanaovany hevi-petsy, mbola sahiny namboarina.
Asa loatra na dia jamba ireo ilay hoe "mpahay lalàna",
Na voatamby volabe, ka notakonany ny marina!

Ireo nikasa ny hampitaha dia namoronany paikady
Fa hoe tsy azo tanterahina izany fikasana izany.
Manahirana,hono, mantsy sady tena "saro-pady".
(Toy ny te hiteny hoe:"mangina fa `zay tianay ihany"!)

Izany raha vao fifidianana eto Madagasikara.
(Vola hatrany no manjaka, koa ataovy ny ampamoaka.)
`Ndeha ravao ilay komity izay natao hikarakara,
Fa mamily sy manova ny safidinay vahoaka !.

**DADAN`i ZINA (08-12-19)**